VOINKAVA MAHATRATRA ANKARAMALAZA

« Miantra ny olona masina araka izay ilainy » Rom 12 :3a

Ny Fokontany Ambohitran'Andriamanitra somary Avaratra Ankaramalaza, Kaominina Vatana, Distrikan'i Mankara, Synodamparitany Manakara , dia potiky ny afo ny Azoma 22 Novambra 2019 tokony tamin'ny 4 ora hariva..Naharitra adin'ny 2 ny firehetan'ny afo.

Efa tonga teny an-toerana ny Praiminisitra sy ny BNGRC nanao vonjy rano vaky rehefa nanao tatitra tamin'ny Filohan'ny Repoblika ny Filohan'ny FLM.

1. **Cellule de crise handrindra ny hetsika eny an-toerana :**

Efa nitsangana ny Cellule de crise ka Ramose Denis no Filoha, Atoa Jean Celestin no Filoha Lefitra, Sekretera Ramose Haingo sy Alfred, Mpitahiry VOLA Atoa Charles, Contrôleur Randriampasy, Mpanolontsaina Ndremanatia sy Botojoany.

2. **Fiaraha-miasa**

Nifanaraka ny Soritr'asa Manohana ny Traboina SMT/FLM sy ny CROIX ROUGE MALAGASY ny Alahady 24 Novembre 2019 ha hatoa haingana ny Tomban'ny fahavoazana ka dia notanterahan'ny CRM izany ny

Alatsinainy 25 Novembra 2019 ary nalefa any amin'ny BNGRC ny tatitra.

3. **Nisy ny olona traboina sy ny zavatra simba :**

Zavatra simba : Trano 127 no simba ka ny 4 niala tafo, 80 tsy misy tafo intsony,, 43 tena potika tanteraka.

Traboina : misy olona 396 ka 177 lehilahy, 219 vehivavy ka 6 bevohoka, 51 ankizy latsaka ny 5 taona, 34 olondehibe ary 17 manana olana, 1 naratra ary efa nalefa any amin'ny hopitaly.

4. **Fanomezana efa nisy :**

- Ny Fitondrapanjakana dia efa nanome vary 4 taonina , voamaina 0.5 taonina ary tafo fanitso 800. Ny Ben'ny Tanana sy ny sefo Fokontany no nanatanteraka ny fizarahana ary nanaramaso ny Cellule de crise.
- Ny BNGRC nandefa kamio nitondra fitaovana fiarovan'aina ka vary 1 taonina, vaomaina 2 taonina ,trano lay ho an'ny olona 300 , savony , sira ary menaka
- Ny Silamo dia nanome akanjo, lambapandriana ary bodofotsy ka ry zareo ihany no nizara izany ary nanaramaso ny Cellule de crise.
- Misy ireo Fiangonana FLM, olontsotra sy Fikambanana samihafa efa nanao ny adidiny ary efa nateriny tany an-toerana ny anjarany.

5. **Mitohy ny ezaka satria mafy ny nahazo ny Traboina :**

Araka ny tombana natao dia mbola ilaina :

- famatsiana vary , voamaina ,menaka, sira,savony ny Traboina mandritra ny iray volana sy tapany.
- Kojakojan-dakozia
- Kojakoja tokantrano
- Kojakojampidiovana
- Kojakojampianarana
- Lamba plastika
- Toerana fivoahana
- Tafo fanitso sy hazo fisaka, fantsika ety manarina toerana vonjimaika izay azo hatao mba hipetrahana.
- Mila lelavola kely ho an'ny vehivavy atao vatsin'ankohonana.

6. **Fandaminana ataon'ny Foibe FLM**

   Araka ireto taratasy ireto avy amin'ny Foibe FLM, laharana 199/11.0.19/P-FLM ny 23 Novambra 2019 sy 61/11-019/FLM-SG ny 25 Novambra 2019 dia manentana ny FLM rehetra, ny kristianina rehatra ary ny Mpiray Tanindrazana hanao adidy masina araka ny tenin'ny Soratra Masina hoe »Miantra ny olona masina araka izay ilainy » Rom 12 :03a

   Azo harotsaka ao amin'ny MVOLA 034.86.346.14., Orange Money 032.53.690.62. Airtel money 033.68.877.16. na ny compte BNI Analakely Antananarivo n°00005 00001 0 268 35 4 020 0 58

   Raha zavatra na sakafo no homena dia haterina ao amin'ny Foibe FLM ka Atoa Jaonarisoa Randrianarimalala no mandray izany na ao amin'ny Filohan'ny Synodamparitany Manakara na azo haterina avy hatrany any amin'ny Cellule de crise any Ankaramalaza.

   Fanamarihana : Ny zavatra na ny sakafo na ny lelavola voahangona dia hanaovana tatitra mazava amin'ny haino amanjerysy any ampiangonana.

7. Fanarenana ny fiainana ho avy (Résilience)

Mila mandray an-tanana ny tenany ireo Traboina ireo hanarenany ny fiainany izay tena potika ary miala amin'ny toe-javatra tsy misy.Hatao izany ny vinavina mikasika ny fanajariana ny tanana simba.Hatomboka amin'ny fijerena ny fomba niainan'ny Traboina teo aloha (Morphologie sociale) izay hijerena ny toeramponenana mety sy ilain'ny Traboina (Morphologie architecturale locale). Hatao ny vinavinan'ny zavatra ilaina enti-manorina : ciment,vy,fanitso, hazo, fantsika…Ho jerena ny fahaizamanao amin'ny fanarenana trano eo amin'ny Traboina sy eny an-toerana.Misy ny mana-pahaizana amin'ny fanorenana trano ao amin'ny SMT/FLM. Hatsangana ny Komitimpanorenana eo an-toerana rehefa vonona ny tetik'asa everina hatao.Dien'izao dia efa miomana isika hanao izay azo hatao hanome fitaovana na lelavola. Marihina fa ao anaty MVOLA/Airltel/Orange Money na ny kaounty BNI voalaza etsy ambony no handefasana vola ary hasiana hoe »Fanarenana » .Raha fitaovana dia halefa ao amin'ny Foibe FLM na any amin'ny Synodamparitany Manakara.Hatao mangarahara ny hetsika hatao ary hisy ny rosia omena.

Mety misy ny hetsika hafa hataon'ny Fikambanana hafa fa izay fitaovana na vola voarain'ny FLM Foibe no hanaovany tatitra mazava.

Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra.

Nanao ny Tatitra : M. Stéphan Project Manager SMT/FLM 28/11/2019